

LAHARANA #4 - 2022

AMPITAPITAOUU!

**TOLOTRA ARA-PAHASALAMANA
TSARA KALITAO: ZON'NY REHETRA
NA FIRY TAONA NA FIRY TAONA**

HO FANOHANANA NY TANJONA FAHA-3 HO AN'NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA (ODD3)

Miantoka ny fahafahan'ny isam-batan'olona miaina ao anatin'ny fahasalamana ary manohana fiainana lavorary ho an'ny rehetra na firy taona na firy taona izy.

TANJONA 3.7 [...]

miantoka ny fahafahan'ny rehetra misitraka tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana.

3 BONNE SANTÉ
ET BIEN-ÊTRE



TOLOTRA ARA-PAHASALAMANA MORA SITRAHANA SY MISOKATRA HO AN'NY DAHOLOBE TSY ANKANAVAKA, AHAFAHAN'NY ZANATSIKA MIVELATRA.

Iray ny tanjontsika.

Andao hiara-hientana hampielly sy hanamafy ny ezaka nataontsika ho fanatrarana ity tanjona ity.

Maro karazana ireo fanohanana ilain'ny zatovo ahafahany mitandro ny fahasalamany sy mitombo ara-dalàna ho lasa olon-dehibe ary mandray fahazarana mahasalama hampihariny mandritra ny androm-piainany iray manontolo. **Ny fahalalana feno momba ny fahasalamana ara-pananahana dia iray amin'ireo fanohanana ilainy ireo.**

Eken'ny lalàna malagasy ny filan'ny tanora io fanohanana io. Toy izao no teny hita ao amin'ny Andininy faha-5 ao amin'ny **Lalàna laharana 2017-043** momba ny Fahasalamana ara-pananahana sy ny fandrindram-piterahana nolaniana tamin'ny 25 Janoary 2018:



LALANA LAHARANA 2017-043

“Na firy taona na firy taona dia manan-jo hahazo tolotra feno ny isam-batan'olona: fampahalalana, fanabeazana, fampahafantarana, fikarakarana, fandraisana an-tanana manoloana ny fahasalamana ara-pananahana sy fandrindrana ny fianakaviana.”



Ny tobim-pahasalamana dia anisan'ireo toerana lehibe indrindra tokony hahitan'ny tanora ity karazana fanohanana sy fahalalana ity. Ny mpiasan'ny fahasalamana dia afaka manolotra fanampiana mari-pototra sy mifanaraka amin'ny filan'ny tanora mba hamahana ireo olana ara-pahasalamana sedrain'ireo zatovo, na lehibe izany olana izany na kely. Ny fanampiana toy izany dia tsy hitan'ny zatovo eny an-tsekoly ary tsy azony avy amin'ny ray aman-dreniny na namany na olon-kafa mifanerasera aminy andavanandro.

- ✓ Mendrika ny handray **fanohanana ho amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra** sy **fitsaboana feno fanajana** avy amin'ny **mpitsabo tsara ofana** ny zatovo rehefa manatona tobim-pahasalamana. Ahatonga azy ho lasa olon-dehibe vanona ny fahafahany misitraka fanohanana sy tolotra misokatra ho an'ny daholobe tsy ankanavaka sy tsara kalitao.
- ✓ Rehefa afaka misitraka **fomba fandrindram-piterahana an-tsitrapo** sy **mahita lalam-piainana tsara kokoa** ny isam-batan'olona dia miampita amin'ny ankohonana sy ny fiarahamonina ary lovain-jafy ireo tombontsoa azony avy amin'izany. Izany dia mampandroso ny firenena amin'ny ankapobeny ka manorina tontolo hahafahan'ny isam-batan'olona miaina anaty fahasambarana sy manana fianakaviana sambatra.

Ahoana ny hevitr'ireo vondron'olona eny anivon'ny sekoly?

Tamin'ny taona 2022 dia namokatra sy nanaparitaka gazety boky momba ireo lohahevi-dehibe mifandraika amin'ny tanora sy ny fahasalamany ho an'ireo vondron'olona mpiaramiombon'antoka aminy ao amin'ny faritra Haute Matsiatra sy Amoron'i Mania ary Vakinankaratra ny fikambanana tsy miankina (ONG) *Projet Jeune Leader (PJL)*. Ny iray tamin'ireo gazety boky ireo dia niresaka momba ny tolotra ara-pahasalamana mifanaraka amin'ny filan'ny tanora.

Nizara ny heviny sy ny fomba fijeriny manoloana izany ireo mpamaky izay nahitana tanora sy ray aman-dreny ary mpiarabelona eo amin'ny fiarahamonina ka **taratasy miisa 8 498** no voarain'ny ekipan'ny *Projet Jeune Leader* ka nodinihiny tamin'izany.

536

hevitra voaray mifandraika amin'ny tolotra ara-pahasalamana

HEVI-DEHIBE

- Ny fiarahamonina sy ny kolontsaina no sakana lehibe indrindra tsy ahafahan'ny tanora misitraka tolotra ara-pahasalamana. Mety hanana ahiahy momba ireo tolotra ireo izy ireo na koa matahotra ny fomba fijery na ny vavan'ny fiarahamonina manoloana ny fisitrahany izany. Maro amin'ireo tobim-pahasalamana sy ireo mpiasan'ny fahasalamana no tsy mifanaraka amin'ny filan'ny tanora noho izy tsy manaja ny tsiambaratelo.
- Ny fisalasan'ny tanora hisitraka tolotra ara-pahasalamana dia vato misakana ny fivelarany feno. Mora hita nefa ny fanalahidy hamahana ny olana rehefa voafaritra izany. **Nanambara tokoa ireo tanora fa tokony hampitombo ny fahavononany hisitraka tolotra ara-pahasalamana ny fandraisany torohevitra sy fahalalana ary fanohanana avy amin'ny tanora sahala aminy sy olon-dehibe azo itokisana.**

Tamin'ny alalan'ny gazety « Ampitapitao », dia nanoratra tamberina tamin-kitsipo mikasika ireo tranga manokana niainany ireo tanora mpianatra, mikasika ny fahafahana mahazo tolotra ara-pahasalamana eny amin'ny fiaraha-monina misy azy ireo ; sy ny antony iheverin'ny ankamaroan'izy ireo ho sakana tsy isitrahana ireo tolotra ireo.

Nahafahana nahazo fijery indray mitopy mazava mikasika ny fisian'ireo tolotra ireo sy fahafahana misitraka azy eto Madagasikara ny fomba fijerin'ireo mpianatra (tolotra izay, na dia filana maharitra aza, dia tsy lohahevitra goavana indrindra tamin'ireo tamberina voaray). Ho an'ireo tanora eny ambanivohitra, dia mbola sedra goavana ny hevi-draikitra eny amin'ny fiaraha-monina, ny tsy fahampian'ny fahalalana sy torohevitra, ny mpitsabo sy ny fotodrafitr'asa tsy tsara sy mifanaraka amin'ny fandraisana azy ireo.



Ahoana hoy ny fikarohana?

Tamin'ny taona 2018 dia nanatanteraka fikarohana ara-tsiantifika momba ny tolotra ara-pahasalamana ho an'ny tanora eto Madagasikara ireo ao amin'ny Médecins du Monde ka ny vokatr'izany fikarohana izany dia navoakany tao anatin'ny tatitra mitondra ny lohateny hoe: **“Sexual and Reproductive Health of Adolescents and Youth in Madagascar: Socio-Anthropological Approach.”**

Voafintina ao amin'ny pejy manaraka ireo **tsoakevitra lehibe** navoit'izany fikarohana izany ka nohamafisin'ny tenin'ireo mpamakin'ny gazety boky "Ampitampitao!" avy eny amin'ny vondron'olona ifotony ao amin'ny faritra Vakinankaratra sy Amoron'i Mania ary Haute Matsiatra.

Raha maniry ny hamaky ny tatitra iray manontolo dia

ny lohateny hoe "Santé sexuelle et reproductive des adolescent.e.s. et des jeunes à Madagascar : Approche socio-anthropologique" no ahitana azy ao amin'ny aterineto.



Mahakasika ny fahafahan'ny tanora misitraka tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana sy fandrindram-piterahana

dia mitatitra ireo ao amin'ny Médecins du Monde¹ fa ireto manaraka ireto no anisan'ireo olana lehibe indrindra tsikaritra eto Madagasikara:

Tsy fanajana ny tsiambaratelo

Anisan'ny antony mampisy ity olana ity:

- Afaka mahita ny ao anatin'ny efitra fiandrasana ny mpandalo
- Misy andro voatokana handraisana ireo maniry hisitraka tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana
- Matetika no manatrika ny fizahana ireo mpitsabo miofana

Tsy mitovy fomba fijery ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny tanora ary tsy mahasarika ny tontolo andraisana azy ireo

Raha ny vokatry ny fikarohana no jerena dia maro amin'ireo mpiasan'ny fahasalamana no mihevitra fa tsy mbola eo amin'ny toerana tokony hisitrahany fahalalana sy tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana ny zatovo. Mahatonga ny maro amin'izy ireo handa ny hitsabo tanora sy/na hitsara azy ireo izany na dia apetraky ny lalàna malagasy toy ny Lalàna laharana 2017-043 momba ny Fahasalamana ara-pananahana sy ny fandrindram- piterahana ho adidiny aza izany fikarakarana izany.

Ora voafetra isokafan'ny tobim-pahasalamana ary fotoam-piandrasana maharitra

Sarotra ho an'ireo zatovo mpianatra ny manatona tobim-pahasalamana noho ny fifandrian'ny ora fianarana amin'ny ora fisokafan'izany.

Ambonin'izay dia lava be ny fotoana hiandrasana vao raisin'ny mpitsabo. Mila mianatra na miasa na koa mikarakara fianakaviana ny olona ka sarotra ho azy ny hisitraka fizahana raha mitaky fiandrasana ora maro ao amin'ny tobim-pahasalamana izany.

¹ Médecins du Monde (2018). "Santé sexuelle et reproductive des adolescent.e.s. et des jeunes à Madagascar : Approche socio-anthropologique."

Ahafahan'ny tanora mitombo sy mivelatra dia mila...

MAHAY MANDRAY OLONA SY MITONDRA TENA AMIN'NY FOMBA MATIHANINA IREO MPIASAN'NY FAHASALAMANA.

Ahoana no hevitr'ireo vondron'olona eny anivon'ny sekoly?

Nitatitra ireo mpamaky fa ny fisian'ny tsy fanajana tsiambaratelo, ny fahateren-tsaina ary ny fihetsika hafahafa manoloana ireo tanora no sakana lehibe indrindra tsy mampazoto ny tanora hisitraka tolotra ara-pahasalamana.

"Efa nisasalala ny hanatona dokotera aho. Ny antony dia tsy manakatona varavarana ny dokotera rehefa mandray olona ka lasa **henon'ny rehetra ny tsiambaratelo rehetra**. Ny fahitako azy dia tokony handray **fioganana miantoana** ny mpiasan'ny fahasalamana, singaniko manokana ny fandraisana olona. Tokony hisy koa fanentanana ny tanora momba ny zony, **amin'izay tsy matahotra** ny hanontany momba ny zava-mitranga aminy izy ireo."

(Mpianatra, Amoron'i Mania)

"Efa nisasalala ny hanatona dokotera aho satria tery saina be izy ireny indraindray. Ny sosokevitra hanatsarana ny tobim-pahasalamana eto Madagasikara dia ny **fanarahana maso tsara ireo mpiasan'ny tobim-pahasalamana**, amin'izay azo antoka fa mandray tsara ny tanora izy ireo ary mahafinaritra ho an'ny tanora ny mankao amin'ny tobim-pahasalamana."

(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Ny anton'ny fisalasalako dia **masiaka ny dokotera** no sady misy **olon-kafa mihaino** ny resaka ifanaovana aminy."

(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Eny, efa nisasalala ny hanatona dokotera [...] aho. Ny anton'izany dia **matahotra ny ho voateniteny any** sy hojerijeren'ny olona aho ary sao dia **misy maheno** ny resaka atao ao."

(Mpianatra, Haute Matsiatra)

"Tokony **tsy hasiaka** [ny dokotera] sady tokony hanao **fihetsika voalanjalanja**... tokony hiaraka hiasa amin'ny PJJ ny tobim-pahasalamana."

(Mpianatra, Haute Matsiatra)

"Efa natahotra sy nisasalala aho satria **matahotra ilay dokotera** sady **matahotra ny ray aman-dreniko**. Ny tokony hataon'ny tobim-pahasalamana dia ny hampiasa olona mahay mampihatra ny fifandraisana voalanjalanja ary **tsy tokony hisy olona mihaino ny "tsiambaratelo" lazainao afa-tsy ny mpitsabo irery ihany.**"

(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Efa nisasalala tokoa aho ny hanatona [tobim-pahasalamana] satria maro amin'ireo mpiasa ao no **misy fahatezerana eny amin'ny endriny**. Mety tsy hahazo valiny mahafa-po aho rehefa tonga any. Sao **aheliny amin'ny mpiara-monina** ny zavatra alehanao any ka **menatra** ny tena. Ireo no antony tsy andehanana any. Mba hahatonga ny tanora hisitraka ny zony [hisitraka tolotra ara-pahasalamana] dia tsara raha manao fanentanana ny mpiasa ao amin'ny tobim-pahasalamana. Asiana "affichage" eo amin'ny varavarana hoe "**Tobim-pahasalamana misokatra ho an'ny tanora**". Mpiasa **tsara fanahy**, mahay mandray olona ary **mahavaly tsara ny hetahetan'ny tanora** no tokony hiasa ao."

(Mpianatra, Amoron'i Mania)

"Maro ireo antony tsy hahasahian'ny tanora manatona tobim-pahasalamana. Misy olona mihevitra ohatra fa **mahamenatra sy tsy fanao** ny miresaka momba ny fahasalamana ara-pananahana. Eo koa ny **tsy fifampatokisana** satria misy dokotera **tsy manaja akory ny tsiambaratelo**; io

fanitsakitsahana ny tsiambaratelo io no mahatonga ny tanora **hatahotra** ny hiresaka amin'ny dokotera momba ny olona manjo azy."

(Ray aman-dreny, Vakinankaratra)

FAMPIHARANA ↓

Hofanina momba ny tolotra mifanaraka amin'ny filan'ny tanora ireo mpiasan'ny fahasalamana ka anisan'izany ny fomba fifaneraserana amin'ny zatovo sy ny famaliana ny hetahetany.

Apetraka ny "**Andron'ny Fahasalamana ao an-tSekoly**" (mitovitovy amin'ny "**Andron'ny Sekoly**") ary manasa mpiasan'ny fahasalamana hilazalaza momba ny tenany sy ny asany ary hanolotra fizahana ho an'ireo mpianatra.

Hatsaraina ny fandraisana eny amin'ny tobim-pahasalamana ary atao izay tsy hisian'ny ahiahy momba izany amin'ny alalan'ny fiantohana fa manaja ny tsiambaratelo ny fizahana, ny fametrahana fenitra momba ny fanajana ny tsiambaratelo sy fanaovana petadrindrana izany. Eo ihany koa ny fanatanterahana fanatsarana tsy mitaky vola be toy ny fanatsarana ny plaky manambara ny ora fisokafan'ny toby sy ny tolotra hita ao.

Ahafahan'ny tanora mitombo sy mivelatra dia mila...

MATOKY TENA SY MAHAZO TOROLALANA MOMBA NY FAHAFAHANY MISITRAKA TOLOTRA ARA-PAHASALAMANA IZY.

Ahoana no hevitr'ireo vondron'olona eny anivon'ny sekoly?

Araka ny notaterin'ireo mpamaky dia manahirana ny misitraka tolotra ara-pahasalamana rehefa tsy ampy ny fahalalana sy ny fahatokisantena. Mety hanamora zavatra anefa ny fisian'ny olon-dehibe manoro ny tokony haleha.

"Ny sosokevitra azo atao hanampiana ny tanora rehetra **hanana paik'ady** amin'ny fanatonana sy ny firesahana amin'ny mpiasan'ny fahasalamana dia: **tsy mila menamenatra na matahotra** rehefa misy zavatra tsy azo atao fa manatona tobim-pahasalamana."
(Mpianatra, Amoron'i Mania)

"Paik'ady hanampiana ny tanora hiresaka amin'ny mpiasan'ny fahasalamana: **tokony hifampirisika** hanatona tobim-pahasalamana ireo tanora mitovitovy taona."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Ny hahafahan'ny tanora rehetra hisitraka io zon'ny tanora io dia tokony hasiana **mpanabe olon-tсахala** isaky ny faritra ary izay tanora efa mahafantatra [ny fomba fisitrahana tolotra ara-pahasalamana] dia tokony **hifanoro sy hifananatra** ihany koa."
(Mpianatra, Amoron'i Mania)

"Tsy natahotra sady tsy niasalasa ny hanatona [tobim-pahasalamana] aho satria natoky tena. Tokony **hanazava tsara izy sady tokony hanentana** ireo tanora ireo mba tsy hisalasan'izy ireo hamonjy dokotera. Tokony hametraka fenitra sy kalitao tsara mifanaraka amin'ny filan'ny tanora ary tolotra azo antoka ho azy ireo ny tobim-pahasalamana. **Na firy taona na firy taona** dia manan-jo hahazo tolotra feno ny isam-batan'olona."
(Mpianatra, Haute Matsiatra)

"Ny soso-kevitra hanampiana ny tanora rehetra hiresaka amin'ny mpiasan'ny fahasalamana dia asiana petadrindrina momba izany eny an-tsena na eny an-dalambe **hampahafantarana ny momba izany.**"
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Sosokevitra ny hoe miresaha amin'ny **olon-dehibe azo itokisana**, mankansa eny amin'ny tobim-pahasalamana miaraka amin'ny olon-dehibe azo itokisana."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Natahotra aho [hanatona tobim-pahasalamana], fa amin'izao rehefa eo ny Jeune Leader, dia tsy matahotra intsony aho."
(Mpianatra, Haute Matsiatra)

Ahoana no fomba nanampian'ireo Jeunes Leaders ny tanora hisitraka tolotra ara-pahasalamana? Ho hitanao ao amin'ny pejy 12 ny momba izany.

"Ilaina ny **mampahafantatra ny tanora, indrindra indrindra ireo mipetraka any ambanivohitra**, fa mitovy zo ny olon-drehetra."
(Ray aman-dreny, Vakinankaratra)

"Ny anton'izany fisalasalako izany dia **matahotra ny hitantara amin'ny dokotera aho sady menatra**, kanefa tokony hatoky tena. Tokony **hamangy eny amin'ny tanàna tsirairay** ny dokotera na mba manao ny AMPITAPITAO izy ireo."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

FAMPIHARANA ↓

Hofanina momba ny fandraisana an-tanana ireo zatovo hisitraka ireo tolotra ara-pahasalamana saha azy ireo olon-dehibe ao amin'ny manodidina akaiky azy toy ny mpanabe olon-tсахala mety efa miasa eo amin'ny fiarahamonina, ireo mpampianany ary ireo mpanabe eny an-tsekoly ary omena azy ireo ny fitaovana ilaina amin'izany.

Anokanana hoentimanana ireo mpanabe voatokana hampianatra momba ny fahaiza-miaina sy ny fananahana ka afaka mampita fahalalana momba ny fahasalamana ara-pananahana sy mampifandray ireo mpianatra amin'ny tolotra misy eo amin'ny fiarahamonina.

Ahafahan'ny tanora mitombo sy mivelatra dia mila...

TOLORANA FAHALALANA SY FANOHANANA HANDRAY AN-TANANA NY FIAINANY LAVITRY NY FITSARATSARANA IZY

Ahoana no hevitr'ireo
vondron'olona eny anivon'ny sekoly?

Maro amin'ireo tanora no misalasala ny hanatona mpiasan'ny fahasalamana. Mety matahotra izy ireo na koa manahy na mahatsikaritra ny tsy fankasitrahana manjo an'ireo manao izany, na koa tsy ampy fahalalana.

"Atao izay fomba hahafantaran'ny tanora fa misy io lalàna [momba ny fandrindram-piterahana] io ary **tsy voafetrany taona** [ny fisitrahany tolotra ara-pahasalamana]. Ny andraikitrareo aty amin'ny tobim-pahasalamana: na dia tsy misy alalana avy amin'ny ray aman-dreny aza, fa rehefa liana ny tanora dia raisina an-tànana ato. Efa natahotra hanatona dokotera aho. Ny anton'ny fisalasalako dia izao: **matahotra aho sao hilaza ny olako amin'olon-kafa ny dokotera**. Araka ny hevitra dia tsy tokony hisalasala izahay tanora momba ny zonay ho salama."
(Mpianatra, Amoron'i Mania)

"Efa niasalasala koa aho satria matahotra hiresaka amin'ny ray aman-dreny. Mila miresaka na **mitety ny fokontany** ny dokotera dia **miresaka amin'ny ray aman-dreny**. Ny ray aman-dreny avy eo no mamporisika ny zanany handeha any amin'ny tobim-pahasalamana. Mila mamporisika ny tanora sy mananatra azy ireo ny fiarahamonina."
(Mpianatra, Haute Matsiatra)

"Natahotra ny hanatona dokotera aho satria tsy zatra manao izany irery aho fa mila miaraka amin'ny olon-dehibe. Raha mandeha irery aho dia **hatahotra be an'izay hataon'ny dokotera amiko** dia izay no mampisalasala ahy hanatona dokotera."
(Mpianatra, Amoron'i Mania)

"Efa natahotra sy niasalasala ny hijery dokotera aho. Ny antony dia **tsy haiko loatra hoe ahoana no hiresahana sy hanazavana ny zava-miseho** aminy. Ohatra hoe, ahoana no iantsoko ny faritra eo amin'ny vatana sy ny fadimbolana. Tokony hampirishina ny tanora eo amin'ny fiarahamonina, indrindra indrindra ireo mianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa na koa omena gazety boky toy itony. Tokony hampahafantarina koa ireo ray aman-dreny sy mpianatra. Ny sosokevitro hanatsarana ny fisitrahana ny tobim-pahasalamana eto Madagasikara dia: ampitana fahalalana ny tanora sy ny ray aman-dreny ary ny mpampianatra."
(Mpianatra, Amoron'i Mania)

"Menatra na matahotra ny hiresaka amin'ny dokotera aho. Tokony hanao fanentanana amin'ny tanora izy mba hahafahan'ny tanora tsy hatahotra raha hiditra ny biraon'ny tompon'andraikitra ara-pahasalamana. Ny tanora ihany koa dia mila mahasahy miresaka amin'ny dokotera mba hahafahany manana vatana salama sy madio. Ilaina ny **dokotera mahasahy miresaka amin'ny tanora** mba tsy hahatonga ny tanora hatahotra rehefa manatona azy ireny. Mila **mahay mandray olona** ihany koa izy ireny mba hahafahan'ny olona manatona azy ka tsy hisalasala na hatahotra azy ireny."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Efa niasalasala aho [ny hanatona tobim-pahasalamana] satria **matahotra ny dokotera**. [...] Manana soso-kevitra hanampiana ireo tanora ireo aho: tokony hifampizara ny sarotra rehetra ny tanora. Ny andraikity ny fiarahamonina dia ny manampy sy mizara traikefa sy miresaka amin'ny tanora ary manoro hevitra azy hanatona tobim-pahasalamana."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Natahotra sy niasalasala ny hanatona dokotera izahay satria nihevitra fa **tsy fanao izany** ka tsy azo resahina amin'ny dokotera."
(Mpianatra, Amoron'i Mania)

FAMPIHARANA ↓

Tohizana ny fanaparitahana ny fampianarana ny fahaiza-miaina sy ny fanabeazana ara-pananahana miendrika taranja ampitain'ny mpanabe voatokana sy ny fampidirana izany ao anatin'ny Drafitra Stratejika Nasionaly momba ny Fanabeazana. Izany dia hahafahan'ireo mpianatra mandray ireo fahalalana sy fahaizamanao ilainy mba hitadiavany fanampiana sy hiadiany ho an'ny tenany.

Tolorana fahalalana sy fanofanana momba ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tolotra ara-pahasalamana ny ray aman-dreny mba hahatonga azy ireo hampirisika fa tsy hisakana ireo zatovo hitady fitsaboana.

Ampahafantarina an'ireo mpiasan'ny fahasalamana ireo lalàna farany momba ny fandrindram-piterahana nivoaka teto Madagasikara. Anisan'izany ny Lalàna laharana 2017-043 izay mametraka ny fahafahana misitraka tolotra momba ny fandrindram-piterahana ho zon'ny rehetra na firy taona na firy taona izy ary manaisotra ny filana alalana avy amin'ny ray aman-dreny hitsaboana zatovo tsy ampy taona.

Sakaiza mambosy, kofehy mampifandray, savoka mampisosa

Tsy mihanina amin'ny fanabeazana feno momba ny fananahana an'ireo mpianatra eny amin'ny CEG mpiaramiombon'antoka aminy ao amin'ny faritra Vakinankaratra sy Amoron'i Mania ary Haute Matsiatra ny asan'ireo mpanabe avy amin'ny Projet Jeune Leader.

Misahana tolotra hafa izay tena ilain'ny tanora koa izy ireo ka anisan'izany ny **dinidinika mitokana** na counseling izay ahafahan'ny mpianatra milazalaza ny olana sedrainy amin'ny Jeune Leader (JL) voaofana sy mandray torohevitra momba izany. Izany dinidinika izany no entin'ny JL **manoro an'ireo mpianatra ny mpiasan'ny fahasalamana akaiky indrindra azy ireo** ka mandefa azy ireo ho raisina an-tanana eny.

Niangaviana hilazalaza momba ireo fotoana nanohanany ireo zatovo mpianany ireo Jeunes Leaders ka toy izao no vokatr'izany.


Ahoana hoy izy ireo?

Ireo JL tsirairay avy dia samy nitantara ny fomba niatrehany ny fangatahan'ny mpianatra dinidinika taminy noho izy nisehoan'ny trangan'aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo. Tantara iray isaky ny JL farafahakeliny no noraketina tamin'izany. Noho ny fahatsapany fa tsy misy olon-kafa afaka amborahany ny olana sedrainy ankoatra ny JL dia sahiran-tsaina sy menatra ireo mpianatra raha nanatona azy ireo.

Avy teo dia toa nitovitovy avokoa ny fihodin'ireo tantara notaterin'ireo JL. Noentin'ireo JL nanatona ny tobim-pahasalamanam-panjakana teo an-toerana ireo zatovo rehetra ary voatery **nanelanelana ny resaka** teo amin'ny mpitsabo sy ireo zatovo tsirairay avy ireo JL. Santatra, izay JL vavy, dia nitantara ny nikarakarany zatovovavy mpianatra iray izay nanaintaina be ny faritra iva tamin'ny kibony sy nisy tsiranoka nivoaka avy tao

amin'ny fivaviany nefa dia nanitrikitrika izy fa tsy mbola nanao firaisana ara-nofo izany. Rehefa nitohy anefa ny resaka mora nifanaovany tamin'i Santatra dia namboraka ilay zatovovavy fa nisy nanolana izy tamin'izy 13 taona.

Rehefa tapitra ny fitiliana sy ny fanomezana taratasim-panafody ny marary dia tapitra hatreo



ihany koa ny asan'ny mpitsabo. Ny asan'ireo JL kosa dia mbola mitohy hatrany. Tsy nisy na dia iray tamin'ireo mpianatra aza no nanam-bola hividiana ireo fanafody natoron'ny mpitsabo azy. Noho izany dia **nohazavain'ireo JL tamin'ireo mpianatra ny fomba mety indrindra** hiresahany ny olana sedrainy amin'ny ray aman-dreniny na mpitaiza azy.

Nanganohana ny mason'i JL Sitraka raha nitantara ny nanjo ity mpianatra iray izay tsy nanam-bola hividiana fanafody nefa tsy nahavita nandresy lahatra ny renikeliny izay tsy niraharaha ny hanampy azy. Nampalahelo fa dia nesorin'ilay renikeliny tsy hianatra intsony izy noho ilay aretina manjo azy. **Fampahatsiahivana ny zava-manahirana sedrain'ny zatovo eo amin'ny fiainany andavanandro ireo zava-mitranga ireo.**

Misy koa anefa tantara tsara fiafara toy ny an'i JL Naina. Mila ho adiny iray i JL Naina no nanampy zatovolahy iray hanapa-kevitra ny hangataka fanampiana ara-bola amin'ny zokiny lahy ho amin'ny fitsaboana azy. Tapa-bolana tatỳ aoriana dia tafahaona indray izy ireo ka nilaza taminy ilay zatovolahy fa nividianan'ny zokiny lahy an'ilay fanafody nilainy izy ka dia efa mihalalama.



Lesona notsoahina

NY ZATOVO DIA MILA...

...SAKAIZA MAMBOSY.

Ny olon-tsahala sy ny olon-dehibe azo itokisana toy ny JL dia afaka mampitsiry **fahasahiana** ao ampon'ireo zatovo amin'ny alalan'ny fanehoana **fanajana** sy **fiantrana** azy ireo. Izany fahasahiana izany no hanosika azy ireo hitady ny fanampiana ilainy.

...KOFEHY MAMPIFANDRAY.

Ireo JL dia nanampy an'ireo mpianatra **hahalala** sy **hampiasa tsara araka izay azony atao** ireo tolotra ara-pahasalamana misy eo amin'ny manodidina azy.

... SAVOKA MAMPISOSA NY ZAVATRA ATAO.

Tsy vitan'ny hoe nitondra an'ireo mpianatra teny amin'ny tobim-pahasalamana ireo JL fa nanampy azy ireo hizatra hampiasa ireo tolotra ara-pahasalamana ihany koa. Tsy afaka nanolotra ny fikarakarana nilain'ireo zatovo ireo mpitsabo raha tsy niditra an-tsehatra ireo JL ka nanamora ny fifandraisan'ilay zatovo sy ilay mpitsabo ary nanampy azy ireo hifampiresaka. Ity anjara asa ity dia tokony hampianarina an'ireo mpiarabelona hafa eo amin'ny fiarahamonina toy ny ray aman-dreny sy ireo mpiasan'ny fahasalamana.

TAFATAFA

Araka ny navoit'ireo fanehoan-kevitra nataon'ireo vondron'olona eny anivon'ny sekoly dia mila fanohanana sy fanoroana be dia be ny tanora manoloana ireo fiovana maro lalovany mandritra ny fotoana mahazatovo azy. Ny faniriana hanampy an'ireo zatovo ireo no nanosika ny fikambanana tsy miankina Projet Jeune Leader (PJL) sy Fianakaviana Sambatra (FISA) hiara-hiasa.

Amin'ny maha mpiaramiombon'antoka azy ireo dia mandray anjara lehibe amin'ny fandaharanasa momba ny fanabeazana feno momba ny fananahana tontosain'ny PJL ny FISA.

Ny Fianakaviana Sambatra (FISA) dia manome tolotra ara-pahasalamana ho an'ny olon-drehetra tsy ankanavaka taona izay miainga amin'ny fizahana sy fikarakarana ankapobeny ka tonga hatrany amin'ny tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana. Efa 50 taona izao no niasan'ny FISA ka nanatsarany ny fahalalana sy ny tolotra ara-pahasalamana teto Madagasikara tamin'ny alalan'ny fametrahana tolotra teny amin'ny faritra sy tanàna andakira, ny fampitomboana ny isan'ireo tobim-pahasalamana, ary fiarahamiombon'antoka amin'ny fikambanana maro samihafa.

Manazava ny momba izany Ramatoa RANJARARIMANANA Edmée Juliana, Mpandrindram-paritra, FISA Fianarantsoa: “Eny amin'ny fiarahamonina ahitana tobim-pahasalamanan'ny FISA dia afaka manoratra sy manome taratasy fandraisana an-tànana an'ireo zatovo mila fanampiana ny JL hanoroana azy ireo ny tolotra misy eto aminay. Io fiaraha-miasa io dia nanampy tanora maro hahita fanampiana lavitry ny ahiahy. Mitombo ny fahatokisan-tenan'ireo zatovo rehefa misy JL eo anilany; ny fampiasana ilay taratasy fandraisana an-tànana ihany koa dia mampisy fifampatokisana eo amin'ny JL sy ny FISA ary ny zatovo.”

Tsy eo ihany anefa no ilana fidirana an-tsehatra fa mila fanohanana ireo tanora aloha sy aorian'ny fandraisana an-tànana. Eo no maha zava-dehibe ny ezaka mitokana sy iombonana ataon'ny PJL sy ny FISA. “Mihevitra ireo tanora fa natokana ho an'ny ankizivavy/vehivavy ny fahasalamana ara-pananahana ka tsy voakasik'izany ny lehilahy. Mieritreritra manko izy ireo fa ny hany antom-pisian'ny fahasalamana ara-pananahana dia ny fisorohana ny vohoka aloha loatra. Ny fandaharana fampianarana ny fahaiza-miaina sy fanabeazana feno momba ny fananahana toy ny tanterahin'ny PJL dia manome fahalalana momba ny fahasalamany an'ireo tanora no sady mampahafantatra

RANJARARIMANANA Edmée Juliana

Mpandrindram-paritra, FISA Fianarantsoa

azy ireo ny anjara toeran'ny tobim-pahasalamana eo amin'ny fiainany andavanandro.”

Rehefa manatona tobim-pahasalamana ny tanora dia adidin'ny tobim-pahasalamana ny manome azy ireo tolotra mifanaraka amin'ny filany ary tsara kalitao. Nanamafy ny maro amin'ireo hafatra voaray avy any amin'ny vondron'olona ifotony Ramatoa Edmée raha nanazava fa: “Ny ahiahin'ny ny tanora hanatona tobim-pahasalamana dia sakana iray ilaina resena. Matahotra izy ireo ny hitantara tsiambaratelo. Tsy matoky izy ireo hoe hijanona ho tsiambaratelo tokoa izany.”

Ankoatr'izay, eo amin'ny sehatra midadasika kokoa, dia ilaina ny mampihatra ireo lalàna sy politika izay mampiroborobo ny fahasalaman'ny tanora. Zava-dehibe ny mampahafantatra sy mampihatra an'ireo lalàna ireo. “Mbola maro ireo olona tsy mahalala ny fisian'ny Lalàna momba ny fandrindram-piterahana laharana 2017-043,”


hoy Ramatoa Edmée. “Ny tanora dia tsy mbola mahalala fa zony ny hisitraka tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana. Ny fisian'io lalàna io koa dia tokony hanampy an'ireo mpiasan'ny fahasalamana hanefa ny adidiny. Saingy ny olana dia tsy mahalala ny fisian'io lalàna io akory izy ireo.”

Ny tolotra ara-pahasalamana sy ny fanabeazana ary ireo rafitra hafa natao hanohana ny tanora dia mila miara-dia hatrany hatrany. Efa misy ny ezaka ataon'ny isam-batan'olona hanatsarana ny fahalalana sy ny tolotra ho an'ny tanora; misy koa ny ezaka iombonana natao hampifandray ireo tolotra samihafa, ary efa an-dàlana ihany koa ny fanavaozana ny politika-pirenena. Araka izany dia efa tongotra mby an-dakana ny fivoarana no sady misy valala mandry eo am-bavahady hanatsarana hatrany ny zava-bita.



Mba hahafahantsika manatratra ny tanjona iombonantsika dia ny hananana tanora miaina anatin'ny fahasalamana dia...

mila miantoka isika fa **afaka misitraka** tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana sy ny fandrindram-piterahana **tsara kalitao** izy ireo.



Iaina ampitomboina ny ezaka efa vitantsika ho fanatanterahana izany antsakany sy andavany.

Ilaintsika koa ny:

mampifandray bebe kokoa ireo tolotra samihafa,


manamora ny fisitrahana ireo tolotra isan-karazany,

miezaka mampifanaraka ireo tolotra **amin'ny filan'ireo tanora**.



Andao hiara-hientana hanatsara ny fahasalaman'ny tanora eto Madagasikara!

Ny gazety boky Ampitampitao! dia natao hanangonana sy hamaliana ireo **fomba fijery sarobidy zarain'ireo vondron'olona samihafa mpisitraka** ny asan'ny Projet Jeune Leader momba ny zava-niainany sy ny fahitany ny politika sy ny fandaharanasa ho an'ny fahasalaman'ny tanora.



Resy lahatra izahay fa ny fampiarahana ny **fahaiza-mitondra mavitrika** sy ny **hetsika miainga amin'ny porofo** dia ahafahana miteraka ny vokatra lehibe indrindra izay ahafahan'ny zanantsika hitombo ka ho lasa olon-dehibe salama sy sambatra àry vanona.

Misy fanontaniana manitikitika ve?

Projet Jeune Leader dia resy lahatra fa ny fahombiazan'ny fandaharanasa sy politika dia miankina amin'ny fahalalana sy famaliana ireo hetahetan'ireo mpisitraka eny anivon'ny fiarahamonina. Raha te hahalala bebe kokoa momba ny tamberina nalefan'ireo mpisitraka na ireo fiantomorana mahomby tsara ampiasaina amin'ny politika sy fandaharanasa momba ny fahasalaman'ny tanora eto Madagasikara ARY hizara tamberina dia tsidiho ny rohy:

<https://fr.projetjeuneleader.org/ressources>



Fantaro ny zonao!

Ny manan-jo, manan-kasina
Ka fantaro ny fanasina
Fa tsy voatery hanaiky
Izay sitrapon'ny hafa
Fa mety hataraiky ka aza mihafahafa.

Izao ianao tsy mbola tara
Raha te hahalala
Ny zo sy ny tantara
Ka aza mety miala
Raha tsy fantatrao daholo
Ny zonao manontolo.

Raha fantatrao izany
Dia mety anio ihany
Dia hiova tsiky ny tomany
Satria ny eto an-tany
Efa miara mankatoa
Fa ianao dia manan-jo.

**NASOLO, Tanora Mpitarika,
Antsirabe**

**MiANTOKA NY FAHAFAHAN'NY
TANORA REHETRA MiSiTRAKA
FAHALALANA, FANABEAZANA,
SERASERA, FiKARAKARANA, ARY
FANOROANA MOMBA NY FAHASALAMANA
ARA-PANANAHANA**

